


I.- INGAHY RATSIMBA MIANAKAVY



Tari-dresaka : Ratsimba mianakavy

Hitanao ve iry tanana mahafinaritra iry? Kely ihany nefavaventiventy trano. Tanimboly malalaka sy tanimbary midadasika no manodidina azy.

Misy reniranó mandalo ao avara-tanàna saingy tsy tazana avy eto amin'ny itsanganantsika eto.

Io trano mavomavo, somary mihataka kely amin'ny trano sasany, ary voahodidina fefy, no tranon-dRatsimba mianakavy. Ravao no anaran-dRamatoa; enina mianadahy ny zanak'izy mivady. Ireto avy no anaran'ny ankizy sy ny taonany : Rakotobe, fito ambin'ny folo taona, Inaivo, telo ambin'ny folo taona, Imaro, iraika ambin'ny folo taona, Izanany, sivy taona sy tapany, Indriana valo taona, ary Isoa, enin-taona.

Fianakaviana tsara ry Ratsimba fa tia asa, tia fandrosoana antra namana, ary ohatra tsara ho an'ny manodidina.

Fambolena sy fiompiana no foto-pivelomany, toy ny an'ny tantsaha rehetra ary mahafaly azy tokoa izany. Tsy mba maniry ny tambonivohitra izy.

Hazavao : midadasika — somary — fotopivelomana — tantsaha — tambonivohitra

Ohabolana : Hianareo izao no lakana hisotroan-drano sompitra, hihinanam-bary ary tany honenana.



Tari-dresaka : Ratsimba mianakavy

(tohiny)

Mianatra daholo izy enina mianadahy. Amin'ny sekolimpirenena ambaratonga faharoa, efa ho telo taona izay Rakotobe.

Hanala fanadinana amin'ity taona ity kosa Inaivo. Ary na efa lazain'ny mpampianatra ho mahatoky aza ny fahaizan'Imaro, dia mbola hiofana tsara herintaona hono izy. Ny telo mianadahy zandriny indrindra dia samy manezaka avokoa.

Ho hitantsika amin'ity boky ity ny tantaran'izy valo mianaka, ny fomba fiainany, ny resany, ny fikasany sy ny zavatra maro tsy ary ho voatonona eto avokoa.

Na ny lahasan'ny olon-dehibe, na ny fianaran'ny ankizy, na ny fifandraisany amin'ny manodidina, dia tsy misy tsy ho fantsika.

Ka mazotoa mamaky ny lahasoratra manaraka rehetra, ary eritrereto sy saintsaino, dia ho hitanao ny soa lehibe ho anao sy ny ohatra tsara harahinao.

Hazavao : miofana — manezaka — fifandraisana

Chabolana : Tsy nisy nohoserana tantely ho mamy hoditra, na nohosorana sakay ho mangidy hoditra ; ny atao ihany no mahamamy sy mampangidy hoditra.



Manonofy

Inona no antony niantsoantsoanao halina ? hoy Ineny tamin' Izanany. Taitra mihitsy izahay sy Ratsimba. Noheverinay ho nisy olona tafiditra, ka tsy naharitra izahay fa niarina njery anao. Nony narehitro anefa ny jiro dia tsy naninona na dia kely aza ny fijeriko anao, fa natory tsara.

— Nanonofy aho ry Ineny, ka natahotra be tokoa. Nisy Rangahibe poamaso ila, be volombava sady banga ridana nampitahotra ahy. Nanao ratsy tarehy be izy : navilany ny vavany. Nandositra aho ary nenjehiny. Sempotra be aho ary niantso vonjy. Potraka aho nony farany, ka tonga nanatona ahy izy, nanatantanana vava sy nanadiridiry ny masonry tokana ary niteny hoe : Lâ...â...niko!

Tsy tsaroako intsony ny tohin'nynofiko.


— Nefá natory tsara ny fahitako anao.

Izaho tsy nanonofy avy no natahotra ny nitantaran'Izanany ny fahitany ny alin'iny.

Soa ihany fa tsy mba manonofy mihitsy aho!

Hazavao : poamaso ila — banga ridana

Ohabolana : Aza mivolana alina toy ny angelinkary.



Mianatra

Kevoka ery i Soákely fa efa mianatra teny frantsay sahadys hono izy.

— Hanezaka mafy aho izao, fa liana mba te-hahay miresaka teny frantsay sy mamaky ireny bokinareo ireny, ry zoky.

— Tsara izany anaka, hoy Ineny, satria ny mahay ihany no afaka handroso, ary ny tsy mahay dia mety hambakain'ny sasany.

Namerimberina ny teny frantsay efa hainy i Soa, ary hita fa mahatadidy betsaka.

O ry Idada ô, hoy izy, hianareo ve mba nianatra toa anay fony kely ?

— Eny anaka, saingy tsy dia ambony loatra toy ny anareo izao ny programan'ny sekoly. Tsy mba nianatra teny frantsay be loatra koa na sarotra loatra izahay.

Nefa kosa efa afaka nanohy irery ka nampianan-tena tamin'ny famakiana boky. Betsaka manko ny zavatra ianaranana amin'ny boky teny frantsay : fambolena, fiompiana, fandrafetana, fanaovana ny asa-tanana isan-karazana, ny asa atao any amin'ny birao rehetra any.

Hita fa tsy dia mazava loatra tamin'Isoa ireo rehetra ireo, nefà nisoritra teny amin'ny tarehiny ny fahavononana hiezaka.

Hazavao : kevoka — liana — fandrafetana — fahavononana

Ohabolana : Tsy nisy nahay hatrany an-kibon-dreniny



Hatao inona ny fianarana

Toa Izanany no kamo mianatra indraindray aminay iray tam-po. Be torimaso loatra mantsy izy, ka hita fa mamolaka ny tenany fatratra vao mahafaha-tena.

Vaky vava izy indray mandeha teo am-pisakafoana :

- Inona moa no antony aleha isan'andro any am-pianarana ?
- Araky ny fantatralo : Hianatra.
- Nahoana no mianatra ?
- Mba hahay sy ho tonga olom-banona.
- Mba hahomby amin'ny fanadinana.
- Hatao inona ny mahay, ary hatao inona fanadinana.
- Hitanao io Inaivo zokinao : nahay, nahomby tamin'ny fanadinana ary hianatra eny an-tanana raha amin-ny fidirana ho avy izao.
- Izaho tsy mba te-hahay ary tsy hanala fanadinana.

Izao no izy anaka, hoy Idada : Na hanala hianao na tsy hanala, raha tsy mahay hianao, izany hoe tsy mianatra, dia ho sahirana amin'ny fainanao any aoriana.

Mahasoa ny olona rehetra ny fianarana, manampy amin'ny asa, manampy amin'izay atao, manampy amin'ny fomba rehetra, manampy amin'ny fitaizana ny tena.

Tsy nanana teny havaly intsony Izanany ary hita fa nieritre-ritra fatratra.

Hazoto hianatra aho amin'ny sisa, hoy izy.

Hazavao : Mamolaka ny tenany — Olom-banona — Hahomby —
Sahirana amin'ny fainana

Ohabolana : Tsy misy mafy tsy laitry ny zoto.



Nividianan' Ineny cartable aho

Ineny ô! Efa rovitra sy maloto ity cartable ity ry Ineny.

— Marina tokoa izany, satria efa ela. Fa ny lotony kosa, raha sendra ka voatandrina, dia ho nadio lalandava. Vazivaziko anefa izany, anaka. Fa tsy maintsy maloto ny zavatra ampiasaina ela, na dia tandremana toy ny anakandriamaso aza,indrindra raha hoditra. Tsy mba azo sasana ny hoditra, fa fandiovana matetika amin'ny ranonjavatra manokana no atao azy.

— Ho an-dRakotobe no nividiana an'ny tam-boalohany, dia nodimbiasan'Inaivo, ary izao lasanao izao. Sady efa ila tsy ho omby ny fianaranao rehetra. Koa dia hividianako vaovao hianao.

Nidoboka iray ihany ny ambavafoko, nidobo-kafaliana.

— Ny toy inona no tianao ?

— Ireny miefitrefitra ireny, raha tsy dia lafo loatra, ka mihidy amin'ny vy fa tsy amin'ny fampoehana, ary ny misy fivimbinana, fa tsy ireny sakelehina ireny. Ny anti-bolo koa no tiako satria tsy hitan-doto.


— Ny harivan'iny ihany, nony niverina avy tany am-pianaranana izahay, dia nantsoin'Ineny aho. Ity ny zavatrazo, hoy izy.

Ilay tena tiako indrindra no nentin'Ineny.

— Misaotra dia misaotra ry Ineny. Hiezaka hianatra arak'izay tratry ny heriko aho, mba hahafaly anareo sy Idada.

Hazavao : anakandriamaso — midobo-kafaliana — miefitrefitra — fampoehana — anti-bolo — tsy hitan-doto

Ohabolana : Tano tsara ny azo, fa sarotra ny mila.



Nihaino radiô

Mandefà radiô isaky ny antoandro sy isan-kariva Idada, ihainoany ny Radio Tananarivo. Ny vaovao hono no tena tiany ho fantatra. Indraindray dia mandray an'i Parisy izy amin'ny hariva.

— Tsy mba mahalala na mandre na inona na inona isika aty ambanivohitra aty raha tsy itony radiô itony, hoy izy. Ilaina anefa ny hahafantarana izay miseho any an-toeran-kafa.

Misy fotoana atokan'ny Radiô Tananarivo ho an'ny ankizy amin'ny alakamisy antoandro sy hariva.

Tsy andrinay ny hahatongavan'io fotoana io.

Mifamonjy maka toerana izahay rehetra raha vao mandre ny hoe : « Ity ary rankizy malala ny fotoana natokana ho anareo ».

Misy ankizy mifaninana mihira. Misy mitantara. Misy fifaninanana mamaly fanontaniana. Ary misy lahateny mahaliana sy angano mahafinaritra.

Samy manongilan-tsofina sy mikezaka mitadidy satria asain'Ineny mamerina ny fotopototr'izay rehetra nalefan'ny radiô.

Zavatra mahavariana izaitsizy ny radiô.

Hazavao : izay miseho any an-toeran-kafa — maka toerana —
manongilantsofina — izaitsizy

Ohabolana : Ny hevitra tsy azo tsy amin'olombelona.



Tratra hariva

Vita faritra tsara ny kilalao hataonay amin'ny Fetin'ny ankizy madinika.

Nanontanian'ny mpampianatra izahay raha sendra afaka hijanova kely aorian'ny fianarana hariva.

— Eny, hoy izahay rehetra.

Mierà tsara ary amin'ny raiamandreninareo. Hanomboka isika amin'ny alatsinaniny ho avy izao raha avelany.

Nahazo alalana avokoa izahay rehetra.

Nanomboka nianatra izahay ny alatsinainy nanaraka : hira ilaharana sy amindrana ary andihizana. Nony nirava tao andakilasy, ny hariva, izahay, dia nialajanona kely foana ary dia nanomboka teo an-tokotany.

Variana fatratra izahay, ka efa maizimaizina ny andro vao taitra ny mpampianatra.

— Aoka izay, rankizy, fa sao dia alina hianareo, ka velona ahiahy amin'ny fodianareo ny any an-trano. Mandehana mody faingana.

Lavidavitra ihany ny misy anay, nefä tsy natahotra izahay. Antsasakadiny eo ho eo no andehananay. Efa maizina mihitsy vao tonga tany aminay izahay efatra mianadahy.

— Tsy natahotra ve hianareo, rankizy, hoy Ineny.

— Natahotra mihitsy aho, hoy Isoa.

— Natahotra inona ?

— Tsy fantatro!

Hazavao : vita faritra — ilaharana — amindrana — andihizana — velona ahiahy

Ohabolana : Ny teny ierana mody rariny.



Ny antsipikako

Tsy mba avelan'Ineny hilalao antsy izahay. Hitako anefa fa misy fotoana tena ilako ny antsipika, indrindra ange fa hatramin'izay nilatsahako ho Kiady zandriny izay, rehefa mitsangan-tsangana izahay.

Isan'ny fitaovana tsy maintsy ananan'ny Kiady ny antsipika, hoy ny mpitarika anay.

Nilaza tamin'Ineny izany aho, ka nasainy niresaka tamin'Idada.

— Marina izany, hoy Idada, sady hianao efa lehibe sy hendry tokoa : tsy ahina intsony ny handratra tena ary tsy atahorana ny handratra olona.

Ka ny lehibe ve no tianao sa ny antonona, ary ny zara-tenany ve sa ny zara-tandroka ?

— Ny lehibe no tiako ry Idada, ary ny maro lela; ka raha tsy dia lafo loatra, dia ireny zara-tandroka-serfa ireny.

Azo ny antsipikako, ka araka ny niriko indrindra. Misy lela antsy roa, ny iray lehibe, ny iray kely. Fanampin'izany, ny tsolo, ny tire-bouchon, ny tournevis, ny décapsulateur. Ary ny rojo izay efa tsiahin'Idada koa hamatorana ny antsipika, dia misy famantarana avaratra.

Nisaotra an'Idada tamin'ny foko tokoa aho ary niteny fa be dia be ny fitiavany anay. Tsy maintsy lafobe mihitsy ity antsipika ity.

Tandremo tsara sao dia simbasimba foana na very, hoy izy.

Hazavao :

Kiady — fitaovana — ahina — zara-tandroka-serfa —
zara-tenany — tsolo — tire-bouchon — tournevis —
décapsulateur — famantarana avaratra — tsiahy

Ohabolana :

Mitompo teny fantatra toy ny antsy kely be zara.



Famantaranandro

— Amin'ny firy izao ry Imaro, sao efa fanokonana vary, hoy Ineny indray asabotsy izay. Tsy fianaranay ny asabotsy ka tao an-trano avokoa izahay rehetra.

— Vao amin'ny folo sy sasany, ry Ineny, hoy aho.

— Sambatra ise ry Imaro mahay mamaky famantaranandro. Mba atoroy kely ahy hoe.

— Efa mahalala tarehimarika ve Indiana ?

— Eny efa mahay hatramin'ny zato aho. Vakio ary : isa, roa, telo, ... roa ambin'ny folo, izay no farany.

— Dia jereo tsara ny fanjaitra kely, fa izy no mpanondro ny ora. Amin'ny iray ora latsaka, na amin'ny telo ora mahery na amin'ny sivy marina.

Ary ny fanjaitra lehibe no milaza ny marina, na mamenno ny latsaka na manondro ny heriny. Amin'ny folo sy sasany. Amin'ny telo marina. Amin'ny efatra sy fahefany. Amin'ny enina latsaka fahefany.


— Mahafinaritra izany, nefo toa tsy ho tadidiko, hoy Isoanaivo.

Amin'ny taona ho avy ise, rehefa mifindra kilasy, dia hatoron'ny mpampianatra ny fomba famakiana ny ora amin'ny famantaranandro.

Hazavao : mamaky famantaranandro — milaza ny marina —
mamenno ny latsaka — manondro ny heriny

Ohabolana : Aza manjehy ny andro ho lava.

10



Tsianjery

Sarotra sady lava ny fianarana tsy maintsy hadinina tsianjery.

Natomboka tany am-pianarana ny famerenana azy tsy jerena. Notarihin'ny mpampianatra tsikelikely ny famerenana ary nohazavainy tsara mba ho azo tanteraka ny hevity ny tantara, mora hipetaka tsara ao an-doha.

Hadinoko anefa nony tonga tany an-trano, tsy nisy nipetraka mihitsy tao an-dohako, na dia ny efa tadiriko tsara aza tany am-pianarana.

Sosotra aho, ka najanoko mihitsy. Raha hadinina aho rahampitso dia tsy maintsy ratsy naoty, na ho voasazy mihitsy aza. Nifendrofendro aho nilaza tamin'Ineny fa sarotra tokoa ity fianaranay indray mitoraka ity.

— Angamba ho voasazy aho, ry Ineny.

Rehefa nanao izay farany azo atao anaka, dia tsy manan-tsiny intsony.

Nony ampitso anefa, nanadina ankizy ny mpampianatra, ka teo am-pihainoana azy, dia tsaroako niverina moramora tao an-tsaiko ny teny rehetra.

Tonga tokoa ny anjarako : tsy niambatra kely akory aho, fa tody hatrany amin'ny farany.

Hafaliana no nisolo ny fanahiako teo sy ny tahotro.

Hazavao : mipetraka ao an-dohako — Nifendrofendro — miambatra

Ohabolana : Toy ny nato : izay manoboka indroa manana antitra.



Ny bokiko

Nilaza taminay ny mpampianatra, fa mety tokoa raha manana diksionera amin'izay ny mpianatra tsirairay. Tsara ny samy manana ny azy, hoy izy, satria tokony hizatra io boky io hatramin'izao kilasinareo izao.

Any amin'ny diksionera ben'Idada no nalehan'ny eritreritro. Sady lafobe iny no mavesatra, hoy aho anakampo; ary ny soratra ao koa madinika dia madinika.

— Tandremo anefa sao mampividividy rehefa diksionera. Satria misy tsy antonona anareo velively, fa natao ho an'ny olondehibe na ny mpianatra efa any amin'ny kilasy ambony. Misy antonona kosa ny mpianatra toa anareo. Ka raiso naoty fa holazaiko anareo ny anarany, sao misy raiamandreny afaka hividy. Samy nandray karine sy pensilihazo izahay, ary nandray an-tsoratra ny ana-ran'ny diksionera notononin'ny mpampianatra taminay.


Vao niteny tamin'Idada aho dia nahazoany; Feno sary mahafinaritra tokoa ary ao avokoa ny teny tokony ho fantatray. Vaventy antonona tsara ny soratra. Rehefa namadibadika ilay boky feno sary miloko tsara tarehy aho, dia nanandrana nanisika azy tao amin'ny cartable.

— Angamba tsy misy hilanao iny any an-dakilasy, hoy Idada, fa boky fijery sy famadika aty an-trano io, ary ilaina indrindra amin'ny fampiasana asain'ny mpampianatra atao aty an-trano.

Dia izany tokoa no nolazain'ny mpampianatra taminay nony nilaza taminy aho.

Hazavao : mampividividy — fampiasana

Ohabolana : Izay adala no toa an-drainy.



Ny fianarana manisa

Raha nianatra marika hianao ka mahay, tsy ny hahalala ny vidin-javatra fotsiny, na ny ho kinga mamerim-bola no hitsarana anao fa zavatra maro samihafa.

Tantsaha mahay manisa va hianao ? Fantratrao ary izay karambam-boly ahazoan-tombony, fantatrao ny masonkarena sy ny tombony tamin'ny vary nambolenoa, tamin'ny biby nompianao,indrindra ny omby.

Raha hanorina trano hianao, dia ho fantatrao mialoha ny isam-biriky ilaina, ny isan-kazo, ny isam-bato, ny lanjan-tsokay na lanjan'ny simenitra, ny vinavinan'ny ho lany.

Hianareo mpianatra dia tsy maintsy mikendry izay hampiasanareo amin'ny fiainanareo manontolo izay rehetra nianaranareo ao an-tsekoly.

Very andro foana hianareo raha tsy izany.

Tokony hanontany tena mandrakariva raha misy zavatra hatao, ka hanao hoe : « Ahoana no hampiasako ny fahaizako amin'ity zavatra hataoko ity ? »

Resaka nataon-dRatsimba tamin'dRakotobe sy Inaivo io. Teo koa Imaro ka mba nihaino tsara, sy hita toa nanao izay tratry ny ainy mba hahazo tsara izay nolazain-drainy.

Hazavao : mamerim-bola — tombony — lanja — vinavina — manontany tena

Ohabolana : Adaladala manam-benty, izay hita rehetra venty avokoa.